**FANDAHARAN'ASA MOMBA NY TONTOLO IAINANA**
**FAMINDRAM-PITANTANANA NY HARENA VOAJANAHARY AZO HAVAOZINA**

**TANTEZA**

# FANAVAOZANA FIFANEKENA FAMINDRAM-PITANTANANA NY FARIHY AO ANDRANOBE ANTSINANANA KAOMININA AMBONIVOHITRA ANTSIRABE DISTRIKA ANTSIRABE I FARITRA VAKINANKARATRA



**Natolotra androany:** 19/07/19

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana
.....oOo.....

**FANAPAHANA LAHARANA FAHA: _____**
**MIKASIKA NY FANKATOAVANA ARA-PANJAKANA NY FANOHIZANA NY FAMINDRAM-PITANTANANA NY HARENA VOAJANAHARY AZO HAVAOZANA NY FARIHY SY NY ZAVA-MANANAINA AO ANATINY AO ANDRANOBE ANTSINANANA FOKONTANY AMBOHITSOKINA , TSARAFARA , AVARABOHITRA , KAOMININA AMBONIVOHITRA ANTSIRABE,DISTRIKA ANTSIRABE I, FARITRA VAKINANKARATRA**

## NY TALEM-PARITRY NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA ARY NY JONO ETO VA KINANKARATRA

- Araka ny lalàna 90 033 tamin'ny 21 Desambra 1990 mikasika ny famaritana ny sori-dalana hitondrana ny tontolo iainana eto Madagasikara sy ny tovana faha 97-021 tamin'ny 06 Jona 1997;

- Araka ny lalàna faha 96-025 tamin'ny 30 Septambra 1996 mikasika ny fitantanana eny an-toerana ny harena voajanahary azo havaozina.

- Araka ny didy hitsivolana laharana faha-93-022 tamin'ny 04 May 1993 mamaritra ny fitsipika mifehy ny jono sy harena anaty rano sy ny rijan-teny miaraka aminy (décret 2004)

-Araka ny didim-panjakana laharana faha 2000-027 tamin'ny 13 Janoary 2000 mikasika ny VOI miandraikitra ny fitantanana eny an-toerana ny loharanon-karena azo havaozina

-Ny didim-panjakana laharana faha 97-120 tamin'ny 02 Oktobra 1997 mampanaiky ny politikam-pitantanana ny rano sy ny ala

-Ny didim-panjakana laharana faha 2001-122 tamin'ny 13 Janoary 2001 mametraka ny fomba fanatanterahana ny famindram-pitantanana ny harena voajanahary azo havaozina "ny farihy" amin'ny VOI

-Araka ny didim-panjakana laharana faha 98-610 tamin'ny 13 Aogositra 1998 mikasika ny fampiharana ny lalana faha 97-012 tamin'ny 06 Jona 1997 momba ny fiantohana ampahany ny fananantany (Sécurisation Foncière Relative )

-Araka ny didim-panjakana laharana faha 2000-028 tamin'ny 13 Janoary 2000 mikasika ny fandraisana mpanelanelana momba ny tontolo iainana ho fampiharana ny lalana faha 96-025 tamin'ny 30 Septambra 1996

-Araka ny tombana natao tamin'ny Vondron'Olona Ifotony TAMIA "TATAMO MIRAY AN'ANDRANOBE" ao amin'ny Fokontany Ambohitskina,Tsarafara, Avarabohitra , Distrika Antsirabe I, Kaominina Ambonivohitra Antsirabe, Faritra Vakinankaratra.

Dia nanapaka fa:

Andininy voalohany:

Ankatoavina ny fanavaozana ny fifanekem-pamindram-pitantanana ny harena voajanahary azo havaozina " Farihy" ao amin'ny Fokontany Ambohitsokina,Tsarafara, Avarabohitra, Distrika Antsirabe I, Kaominina Ambonivohitra Antsirabe, Faritra Vakinankaratra

Andininy faharoa:

Ny fanatanterahana ny fitantanana dia tsy maintsy manaja ireo fepetra voalaza ao amin'ny fifanarahana fifanekem-pamindram-pitantanana, ny bokin'andraikitra ary ny drafim-panajariana sy ny drafi-pitantanana ny harena voajanahary azo havaozina

Andininy fahatelo:

voafetra ho **FOLO taona** ny faharetan'ity fanapahana ity, kanefa azo mbola havaozina izany arakaraka ny asa fitantanana iandraiketan'ny Vondron'Olona Ifotony.

Andininy fahaefatra:

Miankina amin'ny fandrosoan'ny fiainana anatin' ny fikambanana sy ny fampiharana ny dina no hanohizana na tsia ny fitantanana izay tombanana isan-taona.

Andininy fahadimy:

Ny famoahana an'ity fanapahana ity dia tsy midika fa an'ny Vondron'Olona Ifotony ny farihy Andranobe Antsinanana misy ao amin'ny faritra nofaritana manokana, fa manambara fotsiny ihany ny maha-ara-dalana ny fanatanterahana ny FITANTANANA MATEZA ireo harena voajanahary sy ny vokatra ao aminy izay misy ao an-toerana.

Natao teto Antsirabe, faha 19/07/19

Ny Talem-paritry ny Fambolena, Fiompiana

ary ny Jono eto Vakinankaratra

RAKOTOARISAONA Mbola Finoana

# FIFANEKEM-PITANTANANA

**FANOHIZANA NY FIFANEKEM-PAMINDRAM-PITANTANANA NY FARIHIN'ANDRANOBE ANTSINANANA AMIN'NY VONDRON'OLONA IFOTONY TAMIA**

- NY FOIBEM-PARITRY NY FAMBOLENA SY N Y FIOMPIANA ARY NY JONO ETO VAKINANKARATRA

  SY

- NY VONDRON'OLONA IFOTONY (TAMIA) AO AMIN'NY KAOMININA ANTSIRABE AMBONIVOHITRA, DISTRIKA ANTSIRABE I

  ARY

- NY KAOMININA AMBONIVOHITRA ANTSIRABE

Ho fanohizana ny famindram-pitantanana natao dia manao izao fifanekena manaraka izao

**TOKO I: FAMARITANA ANKAPOBENY**

And1: **Tanjona Kendrena**

Ny tanjona kendrena amin'ity fanohizana ny fifanekem-pamindram-pitantanana ity dia mba:

- Hanohizana ny fitantanana maharitra ny farihy, ny vokatra ao anatiny ary ny manodidina

- Ho fanatsarana ny fari-piainan'ny Vondron'Olona Ifotony

- Ho fampandrosoana ny faritra amin'ny alalan'ny fampiroboroboana ny lalam-pihariana trondro sy ny fizahan-tany mifandraika amin'ny tontolo iainana

- Ho fampandraisana andraikitra ny Vondron'Olona Ifotony TAMIA mikasika ny fitantanana maharitra ny harena voajanahary azo havaozina

And 2: **MPIKAMBANA MPITANTANA**

Ny vondron'olona ifotony TAMIA no mpitantana ny farihin'Andranobe Antsinanana

Ny Komity mpitantana izay tarihin'ny filohany no tompon'andraikitra ara-panjakana amin'ny fisoloana tena ny Vondron'olona Ifotony TAMIA amin'ny fifampiraharahana amin'ny fanatanterahana ny zavatra rehetra niarahana nanapaka.

And3: **EFITRY NY FARITRA AMPIHARANA AN'ITY FIFANEKENA ITY**

Toy izao kosa ny efitra mamarimparitra ny farimpivelomana hotantanana:

- Avaratra: mandray ny lalana Morarano –Ampanidihana mifarana eo amin'ny sampanana Alakamisy
- Atsinanana: Miainga eo amin'ny sampanana mahazo ny CEFFEL mahazo ny barasy Ambodirano ary mifarana any amin'ny lalana mandray an'Ampanidiana Ambohitsokina.

- Atsimo: Miainga eo amin'ny sampanana mandeha any amin'ny Sedà (Sekoly EPP Avarabohitra)
- mahazo ny lalana Avarabohitra makany Tsiafahy ary mifarana eo amin'ny sampanana mandeha any amin'ny CEFFEL
- Andrefana: mihazo ny lalana Talata (RI.P 126) ary mifarana eo amin'ny sampanana mandehe any amin'ny Sedà (eo amin'ny vavahady avaratry ny Mopera)

**Toerana miavaka mamaritra ny sisin'ny farihy**

- ✓ Avaratra: Fitabahana
- ✓ Atsinanana: Atsahavola , Andranokisoa , Ambodirano
- ✓ Atsimo: Ambodifefy , Adranomalama, Andranovory, Andranovato
- ✓ Avaratra Andrefana: Ambodiatsanga Antanety , Ambolefika
- ✓ Andrefana Antsimo: Ambavarano
- ✓ Atsimo Antsinanana: Atsimon'ny Ex Ferme Communal

Velaran'ny farihy miaraka amin'ny moron-drano: 116 Ha,ka farihy 90 Ha ary 26Ha ny manodidina.

And 4: **FAHARETANY**

**FOLO TAONA** no faharetan'ity fanavaozana ny fifanekem-pitantanana fahatelo ity. Azo tohizana ny fanavaozana raha hita fa mandeha tsara ny fitantanana ataon'ny Vondron'Olona Ifotony ka mbola maniry hanao izany izy.

And 5: FAHEFANA AZO AFINDRA

Tahaka izao manaraka izao ny fahefana afindra amin'ny vondron'olona ifotony

- Fitantanana ny fitrandrahana ny vokatra
- Fitantanana ny Farihy sy ny manodidina azy,
- Fanaraha-maso sy fisafoana ny Farihy,
- Fitazomana ny vokatra tsy ara-dalana ,
- Fampiharana ny dina

## TOKO II: ZO SY ANDRAIKITRY NY MPANDRAY ANJARA

### SOKAJY 1: ZO SY ANDRAIKITRY NY VOI TAMIA

And 6: **ZO**

- Manajary ireo velaran-tany manodidina ny farihy mba hiarovana azy tsy voatototry ny fasika sy ny atsanga araka ny famaritan'ny drafim-panajariana;
- Manenjika araka ny lalàna izay tratra tsy manaraka ny fepetra nifanarahana (fisavana sy fitazomana ny vokatra tsy ara-dalàna ary fampiharana ny dina amin'izay manao hadisoana);
- Maka saram-pitantanana amin'ny mpanjono, mpitaingina lakana, mpizahatany;
- Manome hevitra amin'izay fangatahan'olona tsy mpikambana ao amin'ny Vondron'olona ifotony te-hampiasa ireo harena voajanahary azo havaozina ao amin'ny faritra tantanina.

And.7: **Andraikitra**

- Manaraka antsakany sy andavany ny fitsipika sy tetik'asa voalazan'ny drafi-pananjariana sy ny bokin'andraikitra mikasika ny fitantanana ny fikambanana sy ny fitantanana ny fitrandrahana ny farihiny sy ny manodidina azy;
- Mampihatra ny dina mifanaraka amin'ny drafim-panajariana sy ny bokin'andraikitra ;
- Mamolavola sy manatanteraka drafitr'asa isan-taona hanatanterahana ny drafi-panajariana ;
- Manara-maso ny farihy sy ny manodidina ary ny fampiasana azy;
- Manao tatitra ary mitondra ireo olo-meloka ao amin'ny fikambanana tsy manaraka ny dina ao amin'ny biraon'ny kaominina sy ny Sampandraharaham-paritry ny jono sy ny Fiompiana anaty rano ;
- Manao tatitra ary mitondra any amin'ny lehiben'ny Sampandraharam-paritry ny Jono sy ny Fiompiana anaty rano izay olo-meloka ka tsy voasahan'ny dina intsony ny fanasaziana azy;
- Manao tatitra isam-bolana any amin'ny kaominina ny vokatra miakatra;
- Manao tatitra any amin'ny sampandraharaham-paritry ny Jono sy ny fiompiana anaty rano Kaominina isaky ny enim-bolana ;
- Manaja sy mampanaja ny fiarovana ny sisim-parihy ( faritra 25 metatra);
- Mandoa tamberimbidy (ristourne) any amin'ny kaominina

**SOKAJY 2: ZO SY ANDRAIKITRY NY FOIBEM-PARITRY NY FAMBOLENA, FIOMPIANA ARY NY JONO:**

And.8: **ZO**

- Manome fahazoan-dalana hanangom-bokatra anatiny (trondro)
- Manao fitanana an-tsoratra (PV) ireo heloka tsy voasahan'ny Dina ;
- Manampy amin'ny fampiharana ny dina;
- Manoro hevitra ara-teknika ary manara-maso ny fizotry ny fitantanana ka mijery sy manao fitanana an-tsoratra ny lesoka ary manome fampitandremana.
- Manara-maso ny fanatanterahana ny drafim-panajariana sy ny bokin'andraikitra
- Mitaky ny tatitry ny vokatra isam-bolana
- Manohana ara-teknika ny V.O.I (Fiofanana, famolavolana tetikasa…)
- Manampy ny V.O.I amin'ny fanenjehana ireo mpandika lalàna tsy manatanteraka ny DINA izay anaovan'ny V.O.I fitarainana
- Misafo sy mijery eny an-toerana ireo tsy fanarahan-dalàna (fitaovana: filet, vovokekely…, haza tsy ara-dalàna), ary mandray fanapahan-kevitra rehefa mahazo ny hevitry ny mpitantana sy ny fanamarihana rehetra ilaina.
- Manome ny heviny mikasika ny tatitra alefan'ny mpitantana.
- Mandray ny fepetra tandrify azy amin'ireo olona tsy vonona hanaraka ny DINA

AND.9: **ANDRAIKITRA**

- Manohana sy manampy ara- toro-hevitra sy ara-teknika ny vondrona fototra (ohatra: fampahafantarana ny lalàna manan-kery)
- Manara-maso ny fitantanana ny farihy sy ny fampiharana ny DINA, ny drafi-panajariana sy ny bokin'andraikitra
- Mapahafantatra ny fisian'ny famindram-pitantanana amin'ny vahoaka sy ny manodidina
- Manome karatry ny mpanarato
- Manamarina ny mpanarato sy ny fitaovam-panaratoana (karatry ny maha-panjono, laharan'ny lakana, harato, …)
- Misahana ny raharaha tafakatra ao aminy (fanasaziana, fitazomana ny fitaovana sy ny vokatra tsy ara-dalana)
- Misahana ny raharaha any amin'ny fitsarana raha toa ka tsy voavaha ny olana amin'ny mpanao hadisoana
- Manome fampitandremana amin'ny fahadisoana ataon'ny VOI TAMIA ary koa fampihatoana na fanafoanana tanteraka ny fifanekena izay iarahana amin'ny Kaominina sy ny tompon'andraiki-panjakana eo an-toerana (Faritra, Distrika) aorian'ny tomban'ezaka natao.

**SOKAJY 3: ZO SY ANDRAIKITRY NY KAOMININA ANTSIRABE AMBONIVOHITRA**

And 10: **ZO**

- Manara-maso ny amin'ny fampiharana ny Dina
- Manara-maso ny kaontim-bolan'ny fikambanana TAMIA

And 11: **ANDRAIKITRA**

- Mampahafantatra sy manentana ny be sy ny maro mikasika ny famindram-pitantanana
- Manoro hevitra momba ny fitantanana ny farihy
- Manara-maso ny fiainan'ny VOI (fiainana anatin'ny fikambanana, fitantanam-bola)
- Manara-maso ny fampiharana ny dina
- Manampy ny VOI amin'ny fampiharana ny dina
- Manampy ny VOI amin'ny asa fampandrosoana
- Mampihato na manafoana ny fifanekena miaraka amin'ny Foibem-paritry ny Fambolena, Fiompiana ary ny Jono
- Manoro hevitra amin'ny fitantanam-bolan'ny fikambanana
- Mampanaja sy manaja ity fifanekena ity ary mandamina ny fifanolanana

## TOKO IV: HADISOANA SY SAZY, FANDAMINANA NY DISADISA, FANAFOANANA NY FIFANEKENA

And 12:

Tompon'andraikitra tanteraka eo anatrehan'ny fanjakana ny mpitantana amin'ny hadisoana rehetra mitranga amin'ny faritra tantaniny sy ny hadisoana amin'ny fitantanana ary ny fahadisoana ataon'olo-tsy fantatra

And 13:

Ny tsy fanarahana izay voalazan'ny drafi-panajariana dia azon'ny dina faizina. Ny fampiharan'ny VOI TAMIA ny dina dia midika ho fananana finiavana handray andraikitra amin'ny fitantanana mahomby sy maharitra ny farihin'Andranobe Atsinanana nomena hotantaniny

And 14:

Toy izao manaraka izao ny ambaratonga arahina amin'ny fampiharan'ny fikambanana TAMIA ny dina amin'ny mpanao hadisoana raha toa ka tsy manaiky ilay olona nanao hadisoana:

- Fokontany
- Kaominina
- Foibem-paritry ny Fambolena,Fiompiana ary ny Jono
- Fitsarana.

And 15:

Misy ambaratonga toy izao ny sazy ampiharina amin'ny VOI mpitantana arakaraka ny hadisoana tsapa na tsy nampiharana ny dina;

- Fanomezana fampitandremana amin'ireto hadisoana manaraka ireto:
  - Tsy fampiharana ny dina amin'ny olona nanao hadisoana .
  - Tsy fanatanterahana izay voalazan'ny fifanekem-pitantanana, ny drafi-panajariana ary ny bokin'andraikitra
  - Tsy fanaovana na tsy fanatanterahana ny drafitr'asa isan-taona
- Fampihatoana ny fifanekena raha nahazo fampitandremana in-telo

And 16:

Raha hita sy voaporofo ny tsy fanarahan'ny VOI TAMIA ireo fepetra mavesa-danja ao amin'ny fifanekem-pitantanana sy ny bokin'andraikitra, ny drafi-panajariana, rehefa nanontaniana ny heviny, dia azon'ny manam-pahefana tompon'andraikitra atao ny manafoana ny fankatoavana rehefa vita avokoa ny fanelanelanana voalaza etsy ambony.Hatao an-tsoratra izany fanafoanana izany ka omena kopia ny VOI.

Izany anefa tsy misakana ny fanefana onitra izay mety ho takian'ny ankilany ho fanarenana ny mety ho fahavoazana nihatra taminy araka ny andininy faha 41 amin'ny lalana 96-025

And 17:

Raha avy amin'ny fanjakana ny fanakorontanana na fanafoanana samirery ny fifanekena, ny VOI TAMIA dia afaka miandrandra onitra ho fanarenana ny mety ho fahavoazana mihantra aminy araky ny andininy 45 ny lalàna 96-025.

Raha misy fanafoanana ataon'ny fandraharaham-panjakana samirery dia fitoriana isan'ambaratonga no ataon'ny mpitantana eo anatrehan'ny manam-pahefana ambony araka ny and 46 amin'ny lalana 96-025

And 18:

Raha misy fifanolanana eo amin'ny mpitantana sy ny sampandraharaham-panjakana dia ezahin'ny roa tonta ny fitadiavana vahaolana. Alohan'ny hitondrana ny raharaha eny amin'ny fitsarana dia azon'ny roa tonta atao ny manangana mpanelanelana araka ny and faha 47 ao amin'ny lalana 96-025

**TOKO V: FEPETRA SAMIHAFA**

And 19:

Mananankery avy hatrany ity fifanekena ity rehefa vita sonian'ny telo tonta nanao ny fifanekena.

And 20:

Raha misy fiovan-javatra vokatry ny famoahana rijan-dalana fampiharana ny lalàna fototra 96-025 tamin'ny 30 Septambra 1996 sy ny lalàna 2015-053 mifehy ny Jono dia azo atao ny manitsy ity fifanekena ity mba hifanaraka amin'izany kanefa tsy maintsy tandrovina tsara ny mandray ny hevi-baventy raiketiny. Amin'izany dia ny telo tonta no mifanaraka amin'izay mety ho fanitsiana.

And 21:

Azo tohizana amin'ny fe-potoana manaraka ity fifanekena ity raha mahafa-po ny fitantanana aorian'ny fandrefesana ny zava-bita.

Natao teto Antsirabe faha 19/07/19

Ny Filohan'ny
Vondron'OLONA Ifotony
"TAMIA"

RAKOTOSON Henri

NY TALEM-PARITRY NY
FAMBOLENA, FIOMPIANA
ARY NY JONO ETO
VAKINANKARATRA

RAKOTOARISAONA Mitia Finoana


LAC ANDRANOBE EST
Rédigez une description pour votre carte.
Légende
CPRD
Élément 1
Élément 2
LAC ANDRANOBE EST
limite
pas géométrique (25 m)
Prise d'irrigation Andranobe 19°49'18.50"S 47° 0'28.39"E
Sans titre - Trajet
Tsiafahy
limite Nord 19°48'48.39"S 47° 0'31.
Prise d'irrigation Andranobe 19°49'18.50"S 47° 0'28.39"E
Réalimentation Andranobe (Andoharafiriny) 19°49'25.71"S 46°59'40.14"E
limite est 19°49'44.02"S 47° 0'1.50"E
limite ouest 19°49'37.28"S 46°59'20.89"E
limite sud est 19°49'52.69"S 46°59'48.66"E
Google Earth